
**Ny**



# SORAKALIANA

Hetsiky ny VFTM tamin'ny sabotsy 27 febroary 2021 tolakandro ny "Sorakaliana".

Niangaly  "Sorakaliana" na ny lehibe na ny kely. Isaorana Andriamanitra sy  ireo tompon'andraikitra ary ny mpandray anjara fa afapo  no niala voly koa ny rehetra. Afaka nampiseho talenta eo amin'ny sehatra fampiadina Loko , nampirindra  soratra ny ankizy . Korana teo amin'ny fampitahana ny zava-bita (Sorakaliana) ny tsirairay . Misaotra manokana an'i Ramatoa Nirina Ralantoartsimba, mpianatra olondehibe ao amin ny VFTM ary nanentana ny atrik'asa.

Nahafaly ny tsirairay ny fandaharana satria nahaliana koa ny nahalala ny niavian'ny Sorabe , soratra Malagasy fahiny  avy amin'ny arabo. Toy ny "soratra" dia  avy amin'ny teny hoe: "surat".

Antsoina hoe "KABIBO"  ny olona voafidy hitandrina ny boky mirakitra ny sorabe sy ny fahendrena ao aminy.
"Boky masina" no iantsoana azy. Voarakitra ao ny tantaran'ny foko, ny lovantsofina sy ireo fahaizana amam-pahendrena mampiavaka ny antaimoro (foko iray any atsimo atsinanan, I Madagasikara mipetraka amorondranomasina): izy ireo ohatra no antsoina rehefa misy fampihavanana tokony hatao. Antaimoro, ny olona nampiatra an'dRadama zanakalahin'ANDRIANAMPOINIMERINA mpanjaka malagasy..


Miampita amin'ny taranaka izany kolontsaina izany mandrak'ankehitriny.

Ny tantaran'i Darafify ohatra dia voasoratra amin'ny sorabe. Ny taonjato faha-18 no nanoratana azy.

Ho hitantsika ny tantara manontolo ao amin'ny site FPMA BX VFTM na ao amin'ny tranonkala *http://mizara.fr/gasy*  (na alaina mivantana eto )  sy ny fikarohana natao momba ny papier antaimoro izay rakitra tantara sy fomba aman-pahendrena maro ho antsika taranaka.

.

Toy izao ny SORABE




Eo ampanomanana ny FAMPIRANTIANA ny mpianatra ao amin'ny VFTM amin'izao fotoana izao, izay mampiseho amintsika ny ezaka sy fikarohana nataony.Izany dia hatao amin'ny sabotsy 26 jona 2021 manomboka amin'ny 3 ora tolakandro ka atramin ny 5 ora.

Manasa antsika hitondra ambavaka ny asan'ny fiangonana, hanotrona ny mpianatra, hanome tanana fa tena ilaina tokoa.

Ho an'Andriamanitra ny voninahitra.

Dera ho azy irery ihany.